GAZETY

TOHIRAVINA, NAHOANA ?

TERAKA

www.teraka.org - N° 01_MAI 2024

Maimaimpoana, tsy azo amidy!



Tohiravina na koa antsoina hoe **Zahana**, fantatra amin'ny anarana siantifika hoe "Phyllarthron madagascariensis" dia hazo zanatany Malagasy izay fanao fanafody, indrindra ny raviny. Nampitondraina ny anaran'io hazo ny Gazety TERAKA ho fanehoana ny hasin'ny maha Malagasy; ny fitohizan'ny aina; ny fiombonana; ny fanasitranana entin'ny hazo ho an'ny tany, ny rano, ny zava-boahary ary ny fiaraha-monina.

Amin'ity fihaonan-tsika faharoa ity dia hiverenantsika ny vokatry ny fihanonana tamin'ireo vahiny mpitsidika tamin'ny volana Martsa, ireo tetika majinijinaka hanomanana voa, ny tombontsoa lehibe avy amin'ny hazo amin'ny rivotra hiainantsika ary ny kisarisarin'ireo mpamolavola sy mpampandeha ity fandaharanasa ity.

TOHIRAVINA dia ahafahantsika mamela tahiry an-tsoratra ireo dingana vitantsika miaraka mba hanamaitsoana ireo tany eto amin'ny Tanindrazana sy ny Tanin-janaka. Ny fiarahana mivoatra ao anaty Vondrona Madinika dia ahafahantsika mianatra sy maka aingam-panahy.

Mirary vakiteny feno fahafinaretana ary mitondra fahalalana vao ho antsika tsirairay hatrany.



Ireo Soatoavina Fototra TERAKA:

1. Marina / 2. Mahitsy / 3. Mangarahara / 4. Miasa an-tsitrapo / 5. Miasa amin'ny fifanompoana / 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany hahazoana vokatra lehibe / 7. Samy tompon'andraikitra

Ireo lohatenin-dahatsoratra

hita ao anatin'ity Gazety ity

- **TERAKA – VAHINY MPITSIDIKA: Rehefa mifanojo ny tanjona tiana hotratrarina**
- **Hisafidy ny voa hafafiko aho: inona avy no tsara ho fantatro?**
- **HAZO: "Izaho ilay milina biolojika manadio ny rivotra"**
- **Mpitarika TERAKA: Mpitarika MPANOMPO**
- **Terak'i Fisakana: mitondra ireo anjara birikiny avy ho fampandrosoana ny Tanindrazana amin'ny alalan'ny fiaraha-misalahy amin'ny TERAKA**
- **VONDRONA MADINIKA TERAKA: firy isika izao?**






1. TERAKA – VAHINY MPITSIDIKA:

Rehefa mifanojo ny tanjona tiana hotratrarina

Namoahana voalohany ny Gazety Tohiravina sy nanamarika ny dingana nolalovan'ny TERAKA iny Volana Martsa lasa iny tamin'ny fitsidihan'ireo vahiny avy any ivelany. Liana mahakasika ny fandaharanasa izy ireo ka nanapa-kevitra nidina teny ifotony mihitsy nijery izay zava-misy tokoa sy izay mety ho fiaraha-miasa. Indro ary tanterina etoana ny momba izany.





«Ny kiatsahatsaha tsa mba dia fa ny dia magnana ny antony» hoy ny fomba fiteny Betsileo. Izany tokoa ny zava-niseho nandritra ny nandalovan'ireo vahiny nitsidika ireo tantsaha TERAKA tamin'ny faha 19 sy faha 22 ny Volana Martsa iny tao Sahamadio sy Amparibohitra. Na ho an'ireo vahiny nitsidika na ho an'ireo Tantsaha TERAKA rehetra izay notsidihana dia nisy tokoa ny antony nanosika ho an'ny tsirairay. Ny azo hamintinana izany na ho an'ny andaniny na ho an'ny ankilany dia ny hetaheta ho amin'ny fampandrosoana maharitra, misy fiatraikany na eo amin'ny tontolo iainana na eo amin'ireo fiainana andavan'andron'ireo tantsaha. Niandahy niambavy araka izany ny fahatongavan'ireo tantsaha TERAKA namonjy ny fivoriana izay efa fanao isam-bolana. Nahatratra 118 ny isan'izy ireo ho an'ny Sahamadio ary 82 ho an'ny Amparibohitra. Ho an'iretsy voalohany moa dia nataony amboaran-kira sy amboara tononkalo ny fanehoan'izy ireo ny fahavonany amin'ny fanarenana indray ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fambolena hazo. Nifono hafatra mafonja sy fampoirisihana ho an'ireo tantsaha namany ireo zava-kanto natao. Tafita ny hafatra. Ny tontolo iainana hiatsara ary izy ireo sy ny taranany dia higoaka ireo tombon-tsoa maro entin'ny hazo velona. Fampandrosoana lovain-jafy tokoa. Ho an'iretsy farany indray dia niompana kokoa tamin'ny fifanan-kalozan-kevitra sy fizarana traik'efa mahakasika ny ala vadim-boly sy ny voka-tsony ny fotoana. Satria moa dia efa samy nirotsaka tamin'ny fambolena hazo izy ireo izay tao ireo nanao ny ala vadim-boly. Ho fanehoan'ireo Tantsaha TERAKA ny fahavononan'izy ireo amin'ny firosoana amin'ny dingana manaraka indray dia nisy sahady tamin'iny fotoana iny ireo nilatsaka an-tsitrapo ho Mpitarika : 9 tao Sahamadio ary 11 tao Amparibohitra. Hita taratra tamin'izany fa efa miaina ny soatoavina TERAKA izy ireo dia ny fiasàna an-tsitrapo izany. Raha atao bango tokana iny fihaonana iny dia fotoana nafahan'ireo vahiny nanamafy ny zava-misy tokoa sy fotoana nanehoan'ireo Tantsaha TERAKA rehetra ny fahavononan'izy ireo ny amin'ny fampandrosoana maharitra. Azo ambara fa nifanojo ny tanjona tian-kotratrarina ka teo am-pisarahana dia samy velom-bolo na ny ankilany na ny andaniny ny amin'ny ho fiaraha-miasa.

Santionan'ny tonon-kira noforonin'ireo Vondrona Madinika TERAKA:

"1. Ny tontolo lavorary izay nomen'i Tompo antsika
Dia tsapa miharihary fa efa tena simba
Ny rivotra sy ny ala, ny rano sy ny tany
Isika dia mahalala fa miharatsy izany
Raiso ary ny adidy, alefao ny fisainana
Fa tena sarobidy ny tontolo iainana
Hanangana sahan'ala isika tsirairay
Hiara-hamoron'ala hamerina azy indray
Ref: Arovy, arovy, arovy ny tontolo iainana
2. Tontolo tena soa tany am-piandohana
Dia rava avokoa ka aiza no hiafarana?
Ilay tontolo tsara voatra dia mihasimba hatrany
'Ndao hiaraka hamboatra sy hanarina izany
Hamboly hazo isika, dia izao re no tadidio
Fa ny zavatra ho hita, ny rivotra hihamadio
Ny tany tsy hihamafana, ny orana tsy hiala
Isika dia ho salama, 'ndao hampitombo ny ala"
Vondrona Madinika:
VONONA- Sahamadio-Miadanimerina

2. Hisafidy ny voa hafafiko aho

inona avy no tsara ho fantatro?

Toa antsika mamboly vary ihany, manao tanin-ketsa dia manahaka izany ihany koa ny fambolena ny hazo, misafidy ny voa ary manangana ny zana-kazo. Fotoana fahavokaran'ireo karazam-boankazo izao koa indro ary zaraina amin-tsika Vondrona Madinika ireo tsara ho fantatra raha hisafidy ny voa ho afafy ataonao zana-kazo ianao. Tamberina avy tamin'ireo Tantsaha TERAKA efa manana traik'efa ireto zaraina antsika ireto. Nandritra ireo fihaonan'ny Vondrona Madinika TERAKA no nisian'izany fifampizarana izany.


Ireto avy ary ireo tsara ho fantatra:

- Ireo voankazo salama sy matoa tsara no safidio angalana ny voa. Izany dia ny mba hanananao voa, feno ireo singa ilainy mba hahafahany mitsiry indray
- Halao tao anatin'ilay voankazo ilay voa, kendreo mba tsy ho voaratra na voakiky
- Makà rano madio dia arotsahy ao ireo voa ary diovy mba hiala ilay maditidity sy mamy aminy iny. Ireo izay mitsingevana, dia maivana izy izany, ka alao avy hatrany ary ireo tavela any ambany no raiso ary kobano amin'ny rano madio indray
- Rehefa izay, atapio ilay voa ho afaka ilay amandoana aminy. Ny tsara dia atapy amin'ny toerana maina, azon-drivotra tsara ary amin'ny aloka. Afaka ataonao ihany koa ny mamafa ilay voa amin'ny lamba madio ho afaka ilay amandoana.
- Rehefa avy eo dia efa afaka sahady ianao mamafy ilay voa amin'ny kitapon-janakazo ho asianao azy na amin'ny toerana amafazanao azy.Raha mbola mila fotoana kely ianao vao hamafy azy dia tehirizo amin'ny toerana maina tsara, azon-drivotra ary rehefa hamafy azy dia alonay ao anaty rano mangatsiaka, maharitra eo amin'ny iray andro, na mahery kely eo. Izany mba anamorana ny fitsimohan'ilay voa. Raha tianao hitsimoka vetivety anefa ny voanao dia izy ilay vao afaka hamandoana iny dia afafy avy hatrany.
- Amin'ny ankapobeny ny fangaron'ny tany amenoana ny kitapon-janakazo dia: ⅓ fasika, ⅓ tany mena ary ⅓ zezika (ohatra: raha 2 sobika fasika dia 2 sobika tany mena ary 2 sobika zezika). Ny haben'ny kitapon-janakazo indray dia arakaraka ny haben'ny voa sy ny hoe maharitra hafiriana izy no mijanona eo. Raha voa lehibe ary maharitra mijanona ela dia kitapon-janakazo lehibe no ampiasao toy ny 15*20 (15 cm ny sakany ary 20 cm ny hahavony), raha irony voa madinika sady mora mitsimoka ary aingam-pitombo irony dia ny 11*20, na 10*17 na 9*14.
- Rehefa mametraka ny voa dia ny masony, mitondra ny tsiry no aseho ary totofana tany manify, izay eo amin'ny 1cm na 2cm eo arakaraka ny haben'ny voa: 1cm ho an'ny voa madinika ary 1,5 cm na 2 cm ho an'ny voa lehibe.
- Ho an'ireo voa lehibe toy ny zavoka; na manga dia tsara avy hatrany hoy ireo tantsaha namantsika ny manao azy latsa-boa, izany hoe ambolena avy hatrany eny amin'ny toerana haniriany.
- Raha matevina ny hoditra mamono ilay voa, toy ny an'ny manga na paiso, dia azo atao tsara ny manala iny hoditra mamono azy iny. Kendreo tsy ho voaratra fotsiny ny voa ao anatiny.

Mirary anao ary hahazo voa tsara ho afafy zana-kazo e.
"Vary iray no nafafy, ka vary zato no miakatra".

3. HAZO:

“Izaho ilay milina biolojika manadio ny rivotra”



Fantatrao ve ny maha zava-dehibe ny hazo velona? Hiresaka voka-tsoa iray entin’ny hazo velona isika androany.
Ny hazo velona dia manadio ny rivotra iainantsika. Inona no anton’izany?
Mandritra ny andro dia mitroka ny rivotra maloto na ny “gazy karbônika” ny hazo ary tamberin’izay dia mamoaka rivotra madio. Ny “gazy karbônika” dia irony setroka mainty manepotra avoakan’ny fiarakodia na rehefa isika mandrehitra kitay irony. Anisan’ny mahatonga ny fiakaran’ny hafanan’ny tany sy ny fahalotoan’ny rivotra izy io. Ny hazo anefa dia mitroka azy. Amin’ny alalan’ny raviny no itrohany azy ary tehiriziny any amin’ireo fakany, ireo tahony sy ny vatany ny Karbôna izay hita ao anatin’io “gazy karbônika” mba afahan’ireto farany mitombo hatrany. Aza tapahina ange ny hazo e, hamela tontolo madio sy mahafinaritra ho anao sy ho an’ny taranakao izy.
Raha fintinina dia tahaka antsika olombelona miaina ihany ny hazo saingy ny azy indray ny rivotra maloto no trohany ary ny rivotra madio no avoakany. Tena “milina bilojika manadio rivotra” tokoa.



4. Mpitarika ao amin’ny TERAKA

Mpitarika MPANOMPO

Ankoatra ny fambolena hazo dia misehatra betsaka ihany koa amin’ny famolavolana ny Mpikambana rehetra amin’ny fahaiza-mitarika ny fandaharanasa TERAKA. Ankoatry ny fifandimbiasam-pitarihana dia voizina ato amin’ny fandaharanasa ihany koa ny “fitarihana am-panompoana”. Volavolaina ny Mpikambana tsirairay mba ho “Mpitarika mpanompo”. Ny olona Mpitarika sy miandraikitra ny fivoriana na eo anivon’ny Vondrona Madinika na ny Vovonam-bondrona (Klastera) dia mpanompon'ny Vondrona. Tsy "lehibe", na "filoha" na "sefo” na “mpampianatra" izy.
Eo izy mba hanompo sy hanohana ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona rehefa mifanakalo hevitra sy mifanaraka amin’ny asa izy ireo.

Miezaka izy ny mampandray andraikitra ny Mpikambana tsirairay ary mamporisika ny rehetra handray anjara amin’ny adi-hevitra sy ny fitenenana fa tsy sanatria ho izy irery ihany no ho tompon’ny fitenenana. Amporisihana araka izany ny Mpitarika mba ho marin-toetra mangaraharа; manetry tena; mandefitra; manam-paharetana ary indrindra manam-pahendrena.

TERAKA

5. Terak'i Fisakana:

mitondra ireo anjara birikiny avy ho fampandrosoana ny Tanindrazana amin'ny alalan'ny fiaraha-misalahy amin'ny TERAKA



Erikerika no mahatondra-drano. Izany no afaka amehezana ireo anjara biriky entin'ireto teraky Fisakana ireto ho fampandrosoan'izy ireo ny Tanindrazany amin'ny alalan'ny fitondran'izy ireo ny fahaiza-manaony avy ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA. ANDRIAMAMPIANINA Nicolas; RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel ary RANDRIAMIANDRISOA Paul Marie no anaran'izy ireo avy. Ho entina amintsika tsirairay ny mahakasika azy ireo. Ho amin'ity Gazety Volana Mai ity dia i ANDRIAMAMPIANINA Nicolas no indro entina amintsika.

Teraky Fisakana, avy ao amin'ny Kaominina Fiadanana ary Mpikaroka momba ny fiarovana sy ny fanatsarana ny tany fambolena eo anivon'ny Foibem-pirenena Fikarohana Ampiharina momba ny Fampandrosoana ny Ambanivohitra (FOFIFA) i ANDRIAMAMPIANINA Nicolas. Resy lahatra ho mpiaramiombon'antoka amin'ny TERAKA izy noho ny fahitany fa tena hitondra voka-tsoa ho an'ny tantsaha ny fambolena hazo. Anisan'ny fampiharana ny asa fikarohana ny sehatra imasoan'ny TERAKA ka mahavelombolo hoy izy. Soso-kevitra omeny ny fanaovana ala vadim-boly izay ahitana voka-tsoa maro toy ny fanatsarana ny nofon-tany sy fiarovana azy amin'ny riaka; ahazoana zezika; alokaloka sy miaro ny voly amin'ny rivotra; etc. Amin'izao fiandohan'ny fandaharanasa izao dia mamporisika ny tantsaha mba handray anjara izy satria tombotsoa "maharitra" ny fambolena hazo. "Miezàha miala amin'ny fiankinan-doha tanteraka amin'ny tetik'asa hoy izy. Andeha isika ho mahaleo-tena amin'ny fiarovana ny totontolo iainana sy fanatsarana ny famokarantsika. Ny tetik'asa dia fanoitra anombohana ny fanovana ihany. Farany dia mila mivondrona mifampizara traik'efa ny tantsaha samy tantsaha toy ny atao ato anatin'ny fandaharanasa TERAKA amin'ny alalan'ny Vondrona Madinika sy ny fihaonana isambolan'ny Vondrona Madinika rehetra. Koa alao hery ary."

Izahay Mpanoratra dia mirary soa ity Ray aman-dreny ity ahefa be amin'ireo asa iantsorohany.

6. VONDRONA MADINIKA TERAKA

firy isika izao ?

"Akanga maro tsy vakin'amboa"; "Ny mita be tsy lanin'ny mamba"; "Izay mitambatra vato ary izay misaraka fasika" hoy ny oham-pitenenana Malagasy. Zozoro iray vondrona ary harefo iray heniheny tokoa ny Vondrona Madinika TERAKA. Ny kitahy iray tsy hirehitra. Zava-dehibe ny firaisan-kina; ny fiombonana ary ny fanakambanana ny hery ato anatin'ny fandaharanasa TERAKA. Izany indrindra no ivondronan'ireo Mpikambana mpifanolobodirindrina sy mifanakaiky, ao anatina Vondrona Madinika iray; izay ahitana tantsaha miisa 6 ka hatramin'ny 12 avy amin'ny tokantrano samihafa.

Mahavelom-bolo tokoa ireo ezaka ataon'ireo Tantsaha Mpikambana satria dia nandritra izay valo volana (Oktobra 2023-Aprily 2024) nanombohana ny fandaharanasa izay dia efa mahatratra 102 ireo Vondrona Madinika TERAKA ankehitriny.

Mitsinjara ho toy izao izy ireo:

80 ao Fandriana (24 Ankarinoro; 20 Fiadanana; 19 Sahamadio ary 17 Mahazoarivo) ary
22 ao Soavinandriana (7 Amparaky; 6 Amparibohitra; 5 Masindray ary 4 Soavinandriana)

Indro ary entina eto amintsika ny santionany vitsy amin'ireo Vondrona Madinika ireo:

TSINJO FIADANANA

"Ho fitsinjovana ny tontolo iainana
sy ny taranaka ao afara"
Distrikan'ny Fandriana; Kaominina Fiadanana;
Fokontany Tananan omby
Miisa 10: 6 lahy sy 4 Vavy
Daty niforonana: 2 Martsa 2024



MITSINJO ANKARINORO

"Ho fitsonjovana ny taranaka
sy ny hoavin'izy ireo"
Distrikan'ny Fandriana; Kaominina Ankarinoro;
Fokontany Ampahibe
Miisa 6: 2 lahy sy 4 Vavy
Daty niforonana: 18 Desambra 2023



Hiaka TERAKA: TERAKA, Isika izay. Isika, no TERAKA. TERAKA:

ataontsika; ho antsika; isika. TERAKA, roso ny dia e

Ho antsika Vondrona Madinika TERAKA rehetra, ireto indray ireo asa miandry antsika amin'io volana Jona ho avy io:

- Ho an'ny Fandriana dia fihaonana isam-bolan'ny Vondrona Madinika any amin'ireo Kaominina tsirairay izay iasana
- Ho an'ny Soavinandriana dia fidinana ifotony eny amin'ireo Fokontany maromaro mba anatevenan-daharana ny Vondrona Madinika efa misy amin'ireo Fokontany ireo
- Ho amin'ny firosoana amin'ny fanisana ny hazo dia ny fandraisana sy fanasivanana ny antota taratasin'ireo olona ho mpanisa hazo izay alefa amin'ireto mailaka ireto: *fenosoa@teraka.org*, *nambinina@teraka.org*, *info@teraka.org* na avy hatrany dia mitondra izany rehefa amin'ny fivoriana isam-bolan'ny Vondrona Madinika. Raha mila fanampim-panazavana dia antsoy ny laharana: 034 88 142 36 na 032 03 945 00. Misy ihany koa ny tranok'ala *www.teraka.org* sy ny toeram-piofanana *https://formation.teraka.org* afaka tsidihana raha tia handala misimisy kokoa ny fandaharanasa ianao.
- Fanazavana amin'ny Vondrona Madinika rehetra ny taratasy fifanarahana ho fiaraha-miasa eo amin'ny Vondrona Madinika TERAKA sy ny orin'asa iTERAKA na ny fifanarahana Entona Mangeja Hafanana izany.

Alao hery ary

GAZETY
TOHIRAVINA

TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : ANDRIAMBOLATIANA Irina - RASOARIMALALA Fenosoa - RAKOTONIAINA Nambinina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : Trano Printy Loterana
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
034 88 142 36 / 032 03 945 00
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM